## Fanadinana bakalôrea 3
### Tokony hosaziana ireo nandray fepetra, afaho ireo tsy manan-tsiny

## Fiainan'antoko 3
### Tafajoro ny birao ny Femme TIM distrikan'Antalaha


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)


## Ministra Tokely Justin 6
### Mampanao propagandy ireo solontenam-panjakana hoy Julien Andriamorasata


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 3 aogositra 2023 Laharana 1459 Vidiny : 600 Ar


## Isan-kerintaonan'ny Toby Lehibe Ankaramalaza 3
# Nanome voninahitra ny FLM koa ny filoha Ravalomanana



## Laza adina bacc tafavoaka mialoha 2
# Tsy azo eritreretina ny fuite de sujet tany amin'ny conclave, tsy meloka ireo 13 nadoboka




## Fidiran'ny mpianatra 6
# Ho sempotry ny fahasahiranana hatrany ny ray aman-dreny



## Mpianatra : nanala azy vita bacc 2
# Rajoelina : manala azy ny lalàna hanala azy ny mpifidy

# J - 37

## Fako eto Antananarivo 7
### Mivangongo tsy mbola nisy toy izany

## NY VALOSOA sy Mahasoa 5
### Fomba fanalana taolan-trondro ao an-tenda

## Daka kely

Tsy menatra ve ialahy sy Tokely maka avance amin'ny propagandy sahady ry Boaikely a !

**LAZA ADINA BACC TAFAVOAKA MIALOHA**

# Tsy azo eritreretina ny fuite de sujet tany amin'ny conclave, tsy meloka ireo 13 nadoboka

Mitantara ny tena zava-nisy ireo nanao ny laza adina bakalorea farany teo, ka nihiboka na nanao conclave nandritra ny andro maro nanao izany laza adina izany. Tsy meloka ireo 13 mianadahy nadoboka hoy izy ireo :

''Toy izao ny fizotran'ny zava-nisy niainanay tany amin'ny conclave: ny andro nidiranay voalohany tao amin'ny Villa Soafaniry Ambohibao Antananarivo dia nisy ny fisavana ny entana rehetra ary nojeren'ny zandary tsirairay hatramin'ny silipo aza, tsy misy zavatra hafa tafiditra tao na ny bitika indrindra aza. Entina ilazana fa tena hentitra ary tsy nisangy zareo, indrindra tao aorian'ny fuite de sujet tamin'ny taona 2019 izay tao amin'ny conclave no nipoirany. Rehefa nandeha ny asa dia nandrafitra ny sujet no asan'ny concepteurs, rehefa vita manuscrite iny sujet iny dia anjaran'ireo ao amin'ny informatique no manao saisie azy. Rehefa vita saisie ka misy diso dia miverina amin'ny concepteur ilay izy dia ahitsy.Vita saisie daholo ny sujet rehetra par matière dia miroso amin'ny fanaovana tirage. Mandeha par matière koa ny tirage mandra-pahavitan'ny matière rehetra. Vita ny tirage dia miroso amin'ny fanaovana sous-pli ny rehetra.

Resaka sous-pli dia izao: mizara groupe izahay ary atao par Province ilay izy, ny lehilahy dia manisa ny sujet arakaraka ny isan'ny sujet sy matière izay misoratra eo amin'ny valopy ary mampiditra azy anaty valopy, asiana cachet miisa 4 ilay valopy ka eo amin'ny faritra ambony amin'ny fikatonan'ny valopy ny cachet 2, amin'ny faritra ambany ny 2,vita izay dia asiana scocth manindry ilay cachet eo ambony sy ambany ary amin'ny sisin'ilay valopy, amin'ny faritra rehetra mety hivahan'ny valopy no asiana ilay scocth miisa 3. Rehefa vita izay dia mandalo contrôle voalohany ny paquet valopy, avy eo mandalo contrôle faharoa. Ny vehivavy indray no manao io contrôle faharoa io ary mizara par Province zareo, ny ataon'izy ireo amin'izany dia mi-verifié ilay paquet valopy, jerena par centre d'examen ilay izy, jerena koa ny chiffre sy matière misoratra eo amin'ny valopy, satria ny chiffre misoratra eo no mitondra ny andro hanaovana ny laza adina (ohatra: 1=journée voalohany amin'ny épreuve, dia izay matière misoratra miaraka eo no atao amin'iny andro voalohany iny), jerena amin'ireo contrôle in-2 mifanesy ireo koa sao sanatria misy valopy tsy misy sujet, ka raha izay no mitranga dia tsy maintsy averina eo amin'ny mpanao sous-pli ilay valopy ary soloina, ilay valopy teo aloha tsy maintsy rovitina dia dorana. Nazavaiko tsara ny asan'ny mpanao contrôle satria ny sasany tamin'izy ireo no nadoboka eny Antanimora.

Rehefa vita ny sous-pli sy contrôle dia miditra amin'ny resaka paquettage indray ary saika olon'ny ministère enseignement superieur daholo (PAT) no manao azy, fonosina papier emballage ilay paquet d'enveloppe, fatorana tady, asiana cire eo amin'ny fatotr'ilay tady, atao anaty carton arakaraky ny centre amin'izay ireo paquet valopy emballé ireo, dia mbola asiana ireny scocth lehibe ireny indray ilay carton izay vao fatorana in-2 ary tena mafy ny famatorana ilay carton. Vita izaý dia mandeha ny expedition, tonga any ny mpaka sujet isaky ny Province ary andro samihafa daholo ireo. Marihiko fa manomboka any amin'ny conception sujet, ka hatramin'ny expédition dia misy procès verbal sy engagement tsy maintsy fenoin'ny tsirairay isaky ny mahavita asa anankiray. Ny fisavana ataon'ny zandary koa henjana satria isaky ny miditra na mivoaka ny salle de travail ny rehetra dia tsy maintsy savaina, ary tsy mora ny fisavana olona anankiray (ohatra: sokafana hatramin'ny vava). Ny zandary koa mandray note izay zavatra mitranga rehetra ao, tsy misy miafina amin-dry zareo afa-tsy izay ataonay any amin'ny chambre misy anay tsirairay. Gaga anefa izahay rehefa nitranga iny fuite de sujet iny, satria raha ny zavatra niainana tany dia tsy possible ary tena tsy possible ny hisian'ny fuite tany amin'ny conclave, satria ankoatran'ireo fepetra napetraky ny zandary sy ny ministera ireo, dia tsy nisy koa ny fifandraisana (firesahana na fiarahana fa resaka ny moana sy marenina ), teo amin'ny mpanao conclave sy zandary ary ny mpikarakara sakafo.

Nandray fepetra ny tao amin'ny gendarmerie nampanao fouille ny chambre rehetra sy ny entanay tsirairay avy, vita izay dia nilaza zareo fa RAS ny tao. Nandeha koa ny enquête nataon'ny zandary avy eny Fiadanana, tonga tany zareo saingy tsy nahazo niditra ny faritra mifefy izay tsy azon'iza na iza idirana satria misy zandary miambina eo, fa ivelan'izay saingy ao anatin'ny enceinte ihany zareo no nanao enquête. Ny coordonateur administratif, mpanao contrôle Tanà periphérie satria tao amin'ny centre Talatamaty hono no niavian'ny fuite, mpanao pâquettage sasany no nanaovana enquête, nisy fotoana nitady concepteur zareo atao enquête, saingy tsy nisy satria tao amin'ny salle d'attente niandry appel ny ankamaroanay satria tao anatin'ny déroulement examen ilay fotoana. Nisy concepteur iray no noresahin'ilay lieutenant lehiben'ireo zandary miambina anay dia io olona io no nandeha nanaovana enquête ihany koa.

18 ireo olona natao enquête ary ny vesatra iampangana azy ireo tonga dia firaisana tsikombakomba amin'ny famoahana sujet mialoha ny fotoana sy fanaovana antsirambina ny asa. Nandritra ny enquête nefa dia nasehon'ny enqueteur tamin'ireo natao enquête ireo ny valopy nakàna ireo sujet naparitaka, sadý niaiky daholo zareo fa tsy nitovy tamin'ny valopy izay tao amin'ny conclave ilay izy, ankoatr'izay dia tsy nitovy ihany koa ny fipetraky ny cachet tamin'ilay valopy sy ny valopy nivoaka avy ao amin'ny conclave. Nisy fotoana nivory izahay nangataka fanazavana avy amin'ny lehibe tao amin'ny ministera dia nolazain'izy ireo, fa tsy avy ao aminareo ny niavian'ilay fuite, fa avy eny amin'ny centre Talatamaty ary efa olona maromaro no voasambotra, nisy koa olona avy eny Mahitsy ary nahatratrarana sujet sy vola tao, araky ny filazan-dry zareo ihany, fa aza mitaintaina ianareo ao fa efa mandamina ny rehetra izahay ary efa manao ny ezaka rehetra tsy ahatafiditra anareo fa nanao ny asanareo amin'ny antsakany sy andavany ianareo. Nihevitra daholo izahay fa nilamina ilay izy, kanjo nahazo convocation ireo 18 ireo ho eny Fiadanana ny lundi 31 juillet ary hatolotra ny fampanoavana avy hatrany. Taitra ny rehetra dia tsy nanaiky izahay raha tsy nihaona tamin'ny lehibe avy ao amin'ny ministera, nihaino teo koa ny zandary, nilaza ireo lehibe ireo, fa efa mikarakara ny rehetra izahay, ny olana anefa dia tsy nitovy ny fomba firesaka teo amin'izy ireo. Nanapa-kevitra avy hatrany izahay rehetra fa haka avocat rehefa tafavoaka tao, satria mbola tsy nisy contact amin'ny aty ivelany, fa mbola nihidy tao. Ny vendredi 28 juillet izahay vao tafavoaka tao ary ny sabotsy 29 ireo olona 18 ireo no niresaka tamin'ny avocat izay ny ministera no naka azy hiaro azy ireo. Tonga ny lundi 31 dia nankeny Fiadanana izy ireo ary nanotrona azy ireo teny izahay, noentina teny amin'ny fitsarana ary ny alin'iny ihany dia nalefa MD eny Antanimora ny 13 amin'izy ireo, ny 5 kosa nahazo LP. Amin'ny 13 amin'ireo dia misy vehivavy ary ny asan'izy ireo dia nanao contrôle valopy ary tao anatin'ny contrôle nataon'izy ireo ny centre Talatamaty niavian'ilay fuite, tsy mahazo manokatra valopy na mikitika izay ao anatiny ny mpanao contrôle, nefa dia lazaina fa niray tsikombakomba namoaka sujet. Raha izany rehetra izany anefa no jerena dia tokony izahay rehetra tany amin'ny conclave no tokony nampidirina any Antanimora satria dia ny nanao sous-pli no tena nikirakira ny valopy sy sujet tao anatiny.

Naka avocat hafa izahay ary nihaona tamin'io avocat io omaly mardi 01 Août, ny fantatra dia amin'ny 18 Août ny audience an'izy 13 mianadahy ireo izay noendrikendrehana tamin'ny zavatra tsy nataony, satria raha ny fahazoana ny fandehany rehetra dia mitady coupable zareo mba anehoana fa miasa ka na olona tsy nanao hadisoana no kely aza dia niniana nampidirina tao anatiny, nefa nolazaina fa misy ireo efa voasambotra. Ary ny vaovao farany vao heno omalý dia ireo chef de centre tao Talatamaty voalaza fa niavian'ilay fuite indray no lasa témoins manilika ary nilaza fa avy tao amin'ny conclave ilay valopy nahatonga ny fuite.
Misy fanamarihana kely, nisy fotoana tao anatin'ny déroulement ny examen dia nifamadika ny enveloppe nisy ny matière tamin'ny journée ny examen, raha tokony valopy misy soratra 1 miaraka amin'ny matière no tokony nosokafana dia valopy 5 miaraka amin'ny matière misoratra eo aminy no nosokafana, zavatra nisy tany Antsirabe io.

Fehin'izay rehetra izay dia sahinay ny miteny fa tsy avy tany amin'ny conclave no niavian'ny fuite ary efa samy mahalala ny nipoirany ny rehetra, mafy ny fisavana sy ny niainana tany, tsy ahafahana mamoaka zavatra hafa toy ny clé USB tany, tsy nitovy mihintsy toy ny tamin'ny 2019, misy ny complicité entre concepteur, mpanao saisie ary ny gendarmerie vao mahatafavoaka sujet ao, satria ny olona na entana miditra ao amin'ny faritra misy anay dia tsy maintsy voasavan'ny zandary ary tena hentitra izy ireo.

Izay no zava-nisy dia takiana ny hamoahana ireo olona 13 tsy manan-tsiny ireo avy hatrany, tohizana ny enquête dia omena sazy faran'izay mafy ny tena namoaka ireny sujet ireny, satria manala baraka ny mpanao conclave ary manimba fiainan'olona sy ny hoavin'ny fampianarana ny zanaka malagasy.''

***Ny Valosoa***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

## Mpianatra : nanala azy vita bacc
## Rajoelina : manala azy ny lalàna, hanala azy ny mpifidy

Faheno isaky ny vita ny fanadinana bakalorea ny fomba fiteny hoe : ''manala azy '', ny tanora no tena mampiasa azy io, ary misy mpanakanto iray, tsy tapaka isan-taona manao fampisehoana ho an'ny mpanala fanadinana bakalorea ka '' manala azy '' mihitsy no lohatenin'ilay fampisehoana : « manala azy vita bacc ».
Feno hipoka hatrany ny toerana amin'izany, satria lasa ambohipihaonan'ny tanora avy niatrika fanadinana ny '' manala azy'', fa tsy izay ihany fa miparitaka amin'ny toerana maro ny ''manala azy'', miseho amin'ny endriny samihafa , tsy voatery ho fampisehoana antsehatra, fa mety lanonam-pandihizana na fiarahana miala hetaheta, na fitositosian'ny tanora mpifankatia, fa ny antompisiany dia itovizana, vizana tamin'ny famerenan-desona sy ny fiatrehana ny fanadinana dia mba misinda kely , manao izay mahafalifaly ny vatana sy ny saina, sady fanamboarana ny saina ihany koa amin'ny fiatrehana izay voka-panadinana hiseho .
Fa isika olompirenena tsy very zo ihany koa dia manana fanadinana goavana hatrehina amin'ity taona 2023 ity , ary iankinan'ny ho avin'ny firenena sy ny taranaka fara amandimby izany fanadinana izany, dia ny fifidianana .
Noho izany dia mila miatrika amimpitoniana sy amimpandinihana tanteraka isika vahoaka Malagasy, saingy tsy mitovy amin'ny ataon'ny mpanala bakalorea ny antsika vahoaka , satria ny antsika ny '' manala azy '' dia ampiharina, arabakiteny ary tsy aorian'ny fanadinana ny fanaovana azy fa io '' manala azy '' io mihitsy no laza adina miandry antsika .
Efa be loatra ny dimy taona , tsy nahombiazan'ilay saribakolimbazaha , ny mety sy tsaratsara kokoa dia ny ''manala azy''sy ny forongony amin'ny heviny ara-bakiteny.
Raha mbola hisisika hilatsaka izy, izay mety ho azo antoka fa hahazo ny fankatoavana avy amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC), dia ny lalampanorenana no efa '' manala azy '' mialoha ny fifidianana afaka 37 andro :; J- 37 , fa ny safidintsika vahoaka malagasy leo fahantrana no'' manala azy'' tanteraka sy mitsodrano azy hamonjy ny fodiany any amin'ny renimalalany , dia any izy no ''manala azy " amin'ilay heviny fampiasan'ny tanora sady izy rahateo efa ara-dalàna ny taratasy hijanonany any.
Koa herezo ry vahoaka malagasy fa adidy tsy azo amaivanina ny miandry antsika , dia ny '' manala azy'', ilay nampietry ny firenena sy nanapotika ny fiainan'ny malagasy ary nivarotra antsika tamin'ny lainga tsara lahatra, fa rehefa miala io fanetriben'ny firenena io, dia hilamina isika ka afaka ''hanala azy'' amin'ny heviny fampiasan'ny tanora mpanala bakalorea .

***Ny Valosoa***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
**Andriniaina R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fanadinana bakalôrea

# Tokony hosaziana ireo nandray fepetra, afaho ireo tsy manan-tsiny

Natao kaofiraoka ary nalefa sy notanana eny amin'ny fonjan'Antanimora vonjimaika ny maro tamin'ireo noheverin'ny fitondrana ho namoaka ny lazadina, indrindra tamin'ny lazadina tantara-jeografia, tamin'iny fanadinana bakalôrea ankapobeny iny. Tena nanao izany avokoa ve izy ireo ? Tsapa ho maika mihitsy ny fitondrana izay ao ambadiky ny fitsarana nanao fanadihadiana sy famotorana ireo rehetra voakasika tamin'izany fanomanana sy fikarakarana ny lazadina bakalôrea iny. Tsy lavina, mila faizina tokoa izay namoaka lazadina mialoha ny fotoana amin'ny fanadinam-panjakana bakalôrea toy ireny. Mila tandremana kosa izany, ho an'ireo tsy manan-tsiny, fa natao tao anaty kitapo iray fotsiny amin'izao izy ireo, ialàna amin'ny fijery sy ny kiana ataon'ny olom-pirenena. Ho an'ny mpamakafaka dia tsy tokony hijanona amin'ireo nanomana ny lazadina ihany fotsiny ny sazy tamin'iny fanadinana iny raha tena nanao izany tokoa izy ireo. Tsy tokony ho afa-bela amin'izany ihany koa ireo tomponandraikitra eo anivon'ny minisitera, sy indrindra ireo rehetra izay nandray fepetra nanemotra ny ora niatrehan'ny mpianatra ny fanadinana tantara-jeografia, fa tena hadisoana bevava iny firavan'ny mpianatra avy ananao fanadinana tamin'ny alina be iny. Raha mahalala sy mahafantatra marina ny lanjan'io taranja io dia tsy ho nandray fepetra nanemorana ny ora, ka zary lasa nampijaly ny mpiadina sy ireo ray aman-drenin'izy ireo ihany koa. Niaraha-nahita sy nahalala tsara ny nanjo azy ireo, hatramin'ny mpiadina voaendaka nandeha nody ny alimbe, ny fahorian-tsain'ireo ray aman-dreny izay voatery niandry sy nitsena azy ireo, ny harerahan'ny mpiadina (ara-tsaina sy ara-batana) niatrika indray ny tohin'ny fanadinana ny ampitso maraina. Tsy mbola nisy mafy toy izany hatramin'izay niatrehan'ny mpiadina fanadinana raha tsy tamin'iny nandraisana fepetra noho ny tranga nisy iny. Araka izany dia tsy tokony ho afa-maina fotsiny amin'izao ireo rehetra tomponandraikitra nandray iny fepetra iny, fa nampahory ny zana-bahoaka izy. Ny fampijaliana mpianatra toy izany tsy tokony ho vita mora amin'izao. Ny minisitra aza, raha tena mahatsiaro ho tomponandraikitra tokoa, dia mametra-pialàna, fa tsy mianona amin'ny fitadiavana izay rangory fototry ny afo fotsiny nahatonga ny fivoahan'ny lazadina toy izany. Raha tena mpampianatra sy mpanabe marina amin'ny taranja tantara-jeografia ihany koa, fa tsy sarintsariny na ireo misababaka amin'ny fihazonana taranja hafa, dia mila mijoro sy maneho ny hasarotam-piarony amin'ity taranja ity. Tsy manambany ny taranja hafa akory, samy manana ny lanjany, ary ny taranja tantara-jeografia, dia manefy ny zatovo sy tanora hijery sy hisaina ary handinika ny fiainam-piarahamonina eto amin'ny firenena sy manerana izao tontolo izao. Manana ny maha izy azy tanteraka araka izany ity taranja iray ity eo amin'ny seha-pampianarana.

***Aris***

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Tsy voafehin'ny fitondrana koa ny fandaminan-draharaha

Miverina mizara vatsy indray ho an'ny mponina heverina fa sahirana ny fitondrana amin'izao fotoana izao. Toe-javatra nataony nanomboka ny taona 2020 izany, rehefa niditra tamin'ny fihibohana ny firenena, ka nisafotofoto ny fihariam-bahoaka ary nikatso ny toekarem-pirenena. Tao anatin'izany fitsinjarana izany anefa dia nisy ny lesoka toy ny korontana teo amin'ny vahoaka nizarana sakafo, na teo ihany koa ny ampahan'ny vahoaka tokony hisitraka izany kanefa tsy nahazo ny anjarany. Ho an'ny niharan'izany na ireo olom-pirenena hafa, dia nisy ny fanilihana ankolafin'olona. Ho an'ny mpamakafaka ihany koa anefa dia nahita fa teo amin'ny fitantanana amin'ny fahaiza-mandamina mihitsy no olana sy tsy voafehin'ny fitondrana.
Tsy eo amin'izay sehatra fizarana vatsy ihany no nisy lesoka, fa tamin'ny tranga hafa ihany koa. Mitaky rindran-damina mazava ny fitantanan-draharaha toy izany, sy indrindra amin'ny fizarana vatsy ho fitsinjovana ny sosialim-bahoaka, mba tsy hisian'ny fiheveran'ny olom-pirenena fanilihana ankolafin'olona. Mitaky traikefa sy fahaizan-draharaha ihany koa anefa izany. Mila manana fitaovana ampiasaina mahafehy izany ny tomponandraikitra isan-tsokajiny hatrany anivon'ny fokontany, ary tena fotoanan'izany izao vanim-potoana izao. Manana fitaovana , rindrambaiko, vonona amin'izany ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), izay zarainy maimaimpoana amin'ny tomponandraikitra isan-tsokajiny eo anivon'ny fanjakana, na fikambanana samihafa, na hatrany anivon'ny fiangonana ihany koa aza. Mahafehy ny fitantanana ilain'izy ireo ny eo ampelatanan'ny AFK, izay manampahaizana malagasy ihany no nikaroka azy. Ny setriny izany fotsiny dia ny saran'ny fanofanana ireo izay hampiasa ilay fitaovana. Hoan'izay mila izany, dia mila manatona azy. Ny fifandraisana: 034 17 460 53.

***Aris***



*Ny filohan'ny AFK, Ricky Andriamparany.*

ISAN-KERINTAONAN'NY TOBY LEHIBE ANKARAMALAZA

# Nanome voninahitra ny FLM koa ny filoha Ravalomanana

Tontosa omaly 2 aogositra 2023 ny famaranana ny isantaona faha 82 ny Fifohazana ao amin'ny toby lehibe Ankaramalaza any amin'ny faritra Fitovinany iny. Vory lanona ireo mpino avy amin'ny Fiangonana Loterana Malagasy (FLM) manerana an' i Madagasikara, niaraka amin'ireo vahiny maro be tonga nanatrika ny fotoam-pifohazana tany an-toerana, na kristiana tsy avy amin'ny FLM koa aza. Nandritra ny fotoambavaka lehibe dia miisa 435 ireo notokanana ho mpiandry. Ny tenin'ny soratra masina nanompanana ny fotoana dia ny Romana 4 : 7 " sambatra izay voavela ny helony sy voasarona ny fahotany ". Ny faharetana amin'ny finoana no ahazoana famelan-keloka, araka ny toriteny masina nentin' ny mpanompony. Nahazo hery ireo mpino marobe tonga tany an-toerana, anisan'izany ny filoha Marc Ravalomanana sy ireo mpiara-dia aminy. Na nandritra izy nitondra ny firenena, na amin'izao fotoana dia saika tsy tapaka manatrika izany isan-taonan'ny Fifohazana Toby Lehibe Ankaramalaza izany hatrany ny filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Mpanao politika tazana tonga tany koa ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina, ny mpandrindra nasionalin'ny antoko HVM, Rivo Rakotovao. Tsimialonjafy rahateo ny Fiangonana Loterana Malagasy (FLM).



*Ny filoha Marc Ravalomanana, nandritra ny fotoam-bavaka lehibe tany Ankaramalaza omaly.*

***Helisoa***

Fiainan'antoko

# Tafajoro ny birao mpitantana ny Femme TIM distrikan' Antalaha

Tafajoro tamin'ity herinandro ity ny birao mpitantana ny Femme Tim, na ny Vehivavy TIM any amin'ny distrikan'Antalaha faritra Sava. Miisa 18 ny kaominina mandrafitra ny distrikan' Antalaha, samy nahatonga solontena avokoa ny andriambavilanitra avy amin'ireo kaominina ireo. Ny tanjona hoy izy ireo dia ny hamerina ny filoha Marc Ravalomanana eo amin' ny fitondrana indray, satria efa mijaly loatra ny Malagasy, ary ny filoha Ravalomanana ihany no anisan'ny manana traikefa amin'izay fitantanam-pirenena, mijery ny mahasoa ny vahoaka aloha, izay vao mety ny mahafinaritra azy, fa tsy ny mifanohitra amin'izay. Hiparitaka, hanabe voho ny vehivavy TIM any amin'ny kaominina isanisany, misy azy avy avy eo, ireo mpitantana ny vehivavy TIM any amin'iny faritra, renivohitra eran-tanin'ny lavanila iny.

***Isambilo***



*Ny fivorian'ireo mpitarika Vehivavy TIM tany Antalaha faritra Sava.*

## TONONKALO

### PROPAGANDY ALOHAN'NY FOTOANA ?

Dimy taona nitondrana sy nanaovana letrezana,
Vao mba miomana hanontany ny hetahetany vahoaka ?
Dia indreo fa ampiasaina ny eo ambany fifehezana,
Mba hitetitety faritra f'efa tsy ho tafavoaka ?

Angaha hanao propagandy no niantsoana an'izy ireny ?
(Tsy izany velively sao dia diso ny asa marika !)
Fa ny mpiasam-panjakana dia voarara tsy hiteny
Na hanao izay hampandany ny mpitondra na mpitarika !

Olom-panjakana ireny ka dia tsy baikoin'antoko,
Sady tsy afaka hiandany na amin'izatsy na 'zaroa.
Tsy azon'iza hovidiana sady tsy azo hosoran-doko.
« Tsy miandany » raha fehezina amin'ny teny anankiroa !

Efa ho rendrika ny sambo , izay vao mody mba antsoina
Sy ampiakarina ao anatiny ireo lazoin'ny hanoanana ?
Efa tsy tanaty lisitra , efa tena nohadinoina
Kanjo tamin'ny ora farany dia nanaovana hofatanana ?

...Tara loatra anie 'nareo f'efa « any ambadik'i Sahondra »
Ry miketrika ilay hoe « fotoam-piasana fanindroany » !
Aok'izay ny fomba ratsy, 'ndeha ialao ny lohan'ampondra
Fa ny gasy tsy hiverina aminao efa naloany !

***TSIMIMALO (01-08-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Rajepa, Fanja

Ny fotoam-pivavahana lehibe famaranana ny isan-kerin-taona faha-82 ny Toby lehibe Ankaramalaza omaly. Niatrika izany tany an-toerana ny Filoha Marc Ravalomanana.





Ny fivorian'ny JEUNE TIM Fianarantsoa tao amin'ny Magro any an-toerana. Nanatrika izany, solontenan'ny Jeune TIM boriboritany faha-2 sy faha-6 avy aty Antananarivo.









Midina ifotony amin'ny fanomanana ny fifidianana, ny TIM Vavatenina any amin'ny faritra Analanjirofo, tarihan'Andriamatoa Flavien.





## NY TENY FIAINANA

*"Miareta tory sy mivavaha hianareo, mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy; mety ihany ny fanahy, fa ny nofo no tsy manan-kery."*
***Matio 26:41***

**Fifaninanan Asief National 2023 any Toamasina**

# Nisy nifampilako teo amin'ny taranja basikety

Nisy nifampilako arabakiteny teo amin' ny fanatanterahana ny lalao basikety Asief Nasionaly any Toamasina, tamin'ny talata 01 aogositra 2023 teo. Nisy olona nitondra kibay teo an-kianja, ka azo sary mihitsy tamin'izany. Nandray fanapahan-kevitra avy hatrany ny hampody an'ireo ekipa niavian'ny tranga any amin'ny toerana niaviany, ka tsy mandray anjara intsony amin' ny hetsika ny Asief Foibe, tamin'ny alalan'ny fanambarana nataon'ny filohany, Botosera Jhon Love. Mitohy an-tsakany sy andavany avy kosa ireo fifaninanana amin'ny taranja samihafa amin'ity fifaninanana ity, ka hoan'ny taranja volley-ball manokana dia mitohy ny « Championnat national Asief Tamatave 2023 », ka ho an'ny taranja volley-ball manokana omaly alarobia 02 aogositra 2023 dia nisy fihaonana telo notanterahina tao amin'ny kianja « Terrain Dojo Soavita » : - MEN # MEF TOAMASINA, - G.N # DGBF, - A.N # MEDD. Telo ihany koa no notanterahana tao amin'ny kianja « Terrain Gendarmerie CIRGN Toamasina » : - MDN # MEH, - MJS # MEAH, - MEF 1 # PRIMATURE. Voka-dalao tamin' ny alatsinainy 01 aogositra 2023 : - PRM (03) # MTP (01), - APMF (03) # A.N (01), - G.N (03) # SENAT (01), - MEF 1 (03) # MJS (00), - PRIMA (02) # MDN (03), - MEAH (00) # MEH (03).


*Ilay nitondra kibay teny an-kianja.*

**Rainilita**

**Tompondaka nasionaly basikety U18 lahy sy vavy**

# Lalao niisa 15 no tontosa omaly alarobia

Lalao niisa 15 no tontosa omaly alarobia 02 aogositra 2023, amin'ny fifaninanana basikety fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2023 sokajy U18 lahy sy vavy, izay tanterahina any Ambositra (kianja Antamponivinany sy kianja St-Louis). Toy izao kosa ireo vokatra «homologués » tamin'ny andro faha-4 notontosaina tamin'ny talata 01 aogositra 2023 Sokajy vehivavy : Sepa Abm Boeny 59 – 36 Tamifa Amoron'i Mania, Jea Vakinankaratra 71 – 24 Nbc Alaotra Mangoro, Ase Atsimo Andrefana 11 - 55 Mb2All Analamanga, Lucadro Analamanga 48 - 30 Assaf Vakinanakaratra. Sokajy zatovolahy : Cbm Vatovavy 39 - 27 Riven's Analanjirofo, Rbc Atsimo Andrefana 74 – 72 Nbe Analamanga, As Fanalolahy 41 – 51 Ebf Matsiatra Ambony, Ffa Vakinankaratra 71 - 32 Asbm Vitovinany, Dca Diana 83 – 37 Epab Betsiboka, Bcas Bongolava 43 – 65 Bcest Atsimo Andrefana, Fandrefiala Analamanga 66 – 32 Mfb Bbcm Menabe, Guepard Itasy 61 – 55 Tamifa Amoron'i Mania, Jap Mada Sava 62 – 63 Fbc Analanjirofo, Cospn 2 Atsinanana 66 – 68 Bcf Menabe, Ascut Atsinanana 65 – 56 3Mt Anosy.



*Basikety U18 any Ambositra.*

**Rainilita**

**Rugby à 7 hiatrika ny lalaon'ny Nosy 2023**

# Notoloran'ny minisitra mpiahy fampitaovana


*Teny amin'ny Makis Andohatapenaka.*

Amin'ny maha Ministra mpiahy ny taranja Rugby à 7 an-dRtoa Rahantanirina Vavitsara Gabriella, Minisitry ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana arak'Asa, dia tsy mitsaha-manohana an' ireo mpilalaon'ny Makis de Madagascar (lahy sy vavy) ny tenany, ka tonga nanolotra fampitaovana ho azy ireo indray, tamin'ny talata 01 aogositra 2023 teo, tao amin'ny « Centre de Formation Makis Andohatapenaka ». Koa ho fanomezan-tosika sy ho fitsinjovana ireto ekipam-pirenena lahy sy vavy ireto dia notolorany : - « Serviettes de bain », « Dentifrices », « Brosses à dents », « Huiles de massage (Katrafay, Cannelle, Ravintsara, Gingembre) », « Prises multiples » izy ireo ary ho fanampin' izany koa dia mbola nisy koa fanoloran'ity minisitra ity fanafody maro hiarovana ny fahasalaman'ny mpilalao tsirairay avy.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



**Romazava patsabe maina, ananambo, sy anamalaho ary angivy** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mazotoza homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba fanalana taolan-trondro amin'ny tenda

Fomba fanalana taolan-trondro amin'ny tenda, na kentan'ny taolan-trondro indray, noi Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Iray amin'ireto no atao :
- Mihinana huile d'olive 2 sotro.
- Mihinana jus voasarimakirana hasiana sira kely.
- Misotro rano hasiana vinaigre de cidre.
- Mihinana akondro.
- Mihinana mofo ampiarahana amin'ny rano.
- Misotro coca.
- Misotroa rano be
- Mandeha dokotera raha sanatria tsy mbola afaka amin'ny iray amin'ireo.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Razanaka distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Razanaka distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Razanaka ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Brickaville. Lalovan'ny lalamby TCE (Tananarive- Côte Est), mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina ny tanànan'i Razanaka. Vokatra any ny voankazo isan-karazaany toy ny akondro, ny letchi, ny manga, ny longoza, ny letchi-tsinoa, ny soanambo, ny ampalibe. Voakatra any koa ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny vomanga, ny latsaka.



FIDIRAN'NY MPIANATRA

# Ho sempotry ny fahasahiranana hatrany ny ray aman-dreny



*Na fotoam-pialan-tsasatra aza izao, efa manomana ny fitaovam-pianaran'ny mpianatra, amin'ny fidirana manaraka ny ray aman-dreny.*

Vao nifarana tsy ela ny fotoam-pianarana ary miditra amin'ny fialan-tsasatra lehibe ny mpianatra, izay volana vitsy monja ihany, dia efa miatrika fahasahiranana hatrany ireo ray aman-dreny. Ny volana jona no nifarana ny taompianarana ho an'ny sasany, ny hafa toa ireo niatrika fanadinam-panjakana samihafa dia ny volana jolay vao niàla sasatra. Misy fandaniana be dia be ho an'ireo ray aman-dreny izany mandra-pifaran'ny taom-pianarana. Kanefa ihany koa vao vita izany, dia atrehin'izy ireo sahady ny ho amin'ny fampidirana ireo zanany hianatra amin'ny taom-pianarana manaraka. Efa hita anoloan' ireo sekoly samihafa na eny amin'ireo peta-drindrina napetrak'ireo sekoly, ny tsy miankina no tena manao izay, ny fisokafan'ny biraony sy ny fanaovana ny fisoratana anarana. Misy ihany koa ireo sekoly no mamoaka avy hatrany ny kojakojampianarana samihafa sy ny fepetra takiany. Vola avokoa izany rehetra izany. Tsy maintsy mamoaka vola aloa ny ray amandreny, na any amin' ny tsy miankina, na any amin'ny fanjakana. Midika ho fahasahiranan'izy ireo izany rehetra izany.

Vao mainka hanampy trotraka ny fahasahiranana ny fiakaran'ny vidin'ireo kojakoja na fitoavam-pianarana eny an-tsena, izay tsy maintsy miakatra isantaona. Ny saram-pianarana ihany koa tsy maintsy miakatra, noho ny hiakaran'ny saran-dalana tsy ho ela araka ny nambaran'ireo fikambanan'ny mpitatitra ny talata lasa teo. Ho sempotry ny fahasahiranana araka izany ireo ray aman-dreny ary tsy misy tany iainana na dia ao anaty fotoam-piàlan-tsasatra aza izao. Tsy manana vahaolana amin' izany rahateo ny fitondram-panjakana, ary iaraha-mahalala sy mahita, fa efa hatramin'izay izany fa tsy vao izao akory.

***Radafy***

Morondava

# Katsaka 13 taonina mahery nomena ho sakafon'ny voafonja

Katsaka nogiazina milanja 13500kg, na 13 t mahery, no natolotra ho sakafon'ireo voafonja ao Morondava faritra Menabe. Ireo katsaka ireo dia tratra novolena tao amin'ny faritra arovana Menabe Antimena nandritra ny fisafoana nataon'ireo polisin'ala, ka nogiazina tao amin'ny fitaleavam-paritry ny tontolo iainana ato Menabe, ho fampiharana ny lalàna dia izao atolotra ny voafonja izao ireto katsaka ireto. Araky ny nambaran'ny Talem-paritry ny tontolo iainana dia miasa andro aman'alina ary mandavan-taona ireo lehiben'ny ala, saingy noho ny halehiben'ny faritra arovana sy ny tsy fahampian'ireo olona miasa mpiantsehatra amin'ny fiarovana ny ala dia tsy hita ireo mpamboly, saingy rehefa fotoana fiakaran'ireo vokatra vao hita, ka izay no nahazoana ireto katsaka ireto. Nilaza ny lehiben'ny fampanoavana fa ady mitohy ny fiarovana ny faritra arovana Menabe Antimena, misy ireo tratra izay matetika dia ireo mpikarama, saingy tsy hita kosa ireo tompony. Tsy marina ny filazana, fa misy mpanambola mamporisika ireo olona ireo, satria ny mpanangom-bokatra dia tsy midina any no mividy katsaka, fa ety amin'ny renivohitry ny faritra, ka sarotra ny hanao fitsirihina ireo katsaka eny amin'ny mpanangom-bokatra, fa ireo ao anatin'ny faritra Menabe Antimena no giazana, ary tsy marina ny filazana ihany koa hoe misambotra olona izay hitany ny lehiben'ny ala, fa ny lalàna mihintsy no mametraka, fa tsy azo idirana ny faritra arovana raha tsy nahazoana alalana, ka tsy izay manimba sy mandoro na manapaka ala ao amin'ny faritra arovana ihany no samborina, ary ireo rehetra mandika ny lalàna dia samborina ary hatolotra ny fitsarana, ka anjaran'ny fitsarana no manao ny fampiharana ny lalàna.

***Rajepa***



*Katsaka novolena antsokosoko tao amin'ny faritra arovana Menabe Antimena, hatao ho sakafon'ny voafonja.*

Ministra Tokely Justin

# Mampanao propagandy ireo solontenam-panjakana hoy Julien Andriamorasata

Fampanaovana propagandy ny solontenam-panjakana no nataon'ny ministry ny atitany sy ny fitsinjaram-pahefana Tokely Justin, hoy ny mpikambana ao amin'ny birao politikan'ny antoko TIM, Julien Andriamorasata. Nisy ny fanehoankevitra nataony, mahakasika ny baiko nomen'ny minisitry ny atitany ireo Solontenam-panjakana manerana ny Nosy. Efa «propagande » tsotra izao hoy izy no hampanaovin'ny minisitry ny atitany an'ireo solontenam-panjakana : chef district » ary ny « Chef d'Arrondissement Administratif » ireo lazainy ireo, fa tsy azo atao kosa amin' ny ankatoky ny fifidianana tahak'izao.



*Julien Andriamorasata, mpikambana ao amin'ny birao politikan'ny TIM.*

trika sy Préfet.

Marina fa ao anatin'ny asa andavanandron'ny « Préfet », sy ny « Chef de

Ekena koa fa mbola tsy misokatra ny « Campagne électorale », nefa dia efa misy sahady ny fampielezan-kevitra satria tetrena ireo Solontenampanjakana ireo hampahatsiahy ny zava-bitan'ny fanjakana amin' izao fotoanan'ny « pré-campagne » izao.

Koa araka ny Art 57 sy 60 ny « Loi Organique » 2018-008 tamin'ny 10 Mey 2018 mifehy ny fifidianana sy ny fitsapankevibahoaka dia tokony ho « neutre » ny « Administration » amin'ny rahaham-pifidianana ary sazian'ny art 227 ny « Loi » voalaza etsy ambony.

Ny lalàm-panorenana koa dia milaza ao amin'ny art 39, fa hiantohan'ny Fanjakana ny « neutralité politique de l'Administration », na ny tsy fiandaniana ara-politika amin'ny fitantanana ny rahaham-panjakana.


***Helisoa***

Tour de France Femmes 2023

# Ilay Néerlandaise Demi Vollering no nibata ny amboara

Ilay teratany Néerlandaise Demi Vollering, 26 taona, mpilalaon'ny (SD Worx), no nibata ny amboaran'ny « Tour de France Femmes 2023 », izay nifarana tamin'ny fanatanterahana ny dingana faha-8 farany tamin'ity fifaninana ity, niatrehana ny hazakazaka « un contre-la-montre de 22 km », notanterahina tany Pau, ka nahazoan'i Marlen Reusser ny fandresena. Laharana faharoa no azon'i Demi Vollering tamin'io dingana farany io. I Demi Vollering izany no nandimby an'ilay mpiray fihaviana aminy, Annemiek van Vleuten (Movistar), eo amin'ny fisalorana io anaram-boninahitra io. Ity farany, izay nanjaka nandritra ny taom-pilalaovana maro amin'ny fifaninanana hazakazaka am-bisikileta vehivavy dia nilaza, fa hisotro ronono amin'izay aorian'ity taom-pilalaovana ity. Ilay tanora vavy Frantsay Cédrine Kerbaol, no nandrombaka ny akajombà fotsy amin'ny filaharana « meilleure jeune ».

***Rainilita***




*Ilay Néerlandaise Demi Vollering.*

Basketball Without Borders Africa

# I Afrika Atsimo no nandray ny andiany faha-19

I Afrika Atsimo no nandray ny andiany faha-19, tamin'ny hetsika BWA « Basketball Without Borders Africa », ka tany Johannesburg no nanatanterahana an'izany, tamin' ny 28 ka hatramin ny 31 Jolay 2023. Mpilalao zazalahy miisa 40 miampy mpilalao zazavavy miisa 40 samy latsaky ny 18 taona avy, izay avy amina Firenena miisa 25 aty Afrika, no nisitraka an'ity fandaharan'asa fampandrosoana ny Basketball ity, natolotry ny NBA sy ny WNBA, ary ny FIBA, ka anisan'ireo mpilalao voafantina nandray anjara tamin'izany i Voary, Anyssa, ary Harena izay nisolotena an'i Madagasikara.



*Izy telo vavy tany Johannesburg.*

***Rainilita***

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**29/07/2023 hatramin'ny 05/08/2023**

- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61
- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 78 355 09/034 34 334 86
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50/033 05 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51/034 89 056 09/020 85 255 51

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1459-08-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### AMBOHIMANAMBOLA AVARADRANO

## Ny kaominina no hitantana vonjy maika ny rano fisotro madio

Ny kaominina no hitantana vonjy maika ny resaka rano fisotro madio, ao amin'ny kaominina Ambohimanambola distrikan'Anatananarivo Avaradrano. Ny anton'izany, tapitra ny 31 Jolay 2023 teo ny fifanarahana teo amin'ny mpitantana ny Rano : " S.E A" sy ny ny Kaominina Ambohimanambola. Ny SEA, izay tompon'ny fitaovana famatsiandrano fisotro madio sy fanadiovana ho an'ny daholo be araky ny lalàna laharana 98-029 andininy 41.



*Fitaovana fanomezana rano fisotro madio ao Ambohimanambola Avaradrano.*

Vita afak'omaly ny famindram-pitantanana rehetra teo amin'ny tomponandraikitra tsirairay avy. Ny kaominina no handray ny fitantanana ny fampisitrahana rano ao anatin'ny fotoana voafetra, hoentina hanatanterahana ny " APPEL D'OFFRE" na fiantsoana tolo-bidy, handraisana mpitantana" vaovao. Tanjona araky ny nambaran-dRamatoa ben'ny tanàna Soanantenaina Rahagarison dia ny hanomezana fahafahampo ireo mpanjifa rehetra sy izay vaovao. Ao anatin'ny fanaovana famindram-pitantanana tanteraka ary fandraisana ireo asa mifanandrify amin'izany ny servisy Rano-Fanadiovana-Fidiovana sy ireo Teknisianina. Araky ny lalàna 98-029 Sampana II ny amin'ny fitrandrahana ny petra-pitaovana famatsian-drano fisotro madion, sy ny fahadiovana tambabe ny rano nampiasaina avy any an-tokantrano ho an'ny daholobe andininy 45 sy andininy 46, dia ho atolotra mpitantana vaovao afaka manome tolotra mahafapo ny mponina sy mamaly ireo mason-tsivana rehetra apetraky ny kaominina Ambohimanambola aorian'ny valin'ny " APPEL D'OFFRE". Efa miverina ny rano ho an'ny " Système Ambohimanambola" mitsinjara rano amin'Ampahimanga - Tanjonandriana - Gara - Ambohibato. Raha mila fanazavana fanampiny mikasika ny fandaminana eto anivon'ny Kaominina Ambohimanambola hoy ny ben'ny tanàna dia antsoy ny laharana 0349136182.

***Aly***

Fako eto Antananarivo

## Mivangongo tsy mbola nisy toy izany



***Fako, tsy afaky ny ben'ny tanàna Vazahabe sy ny ekipany.***

Mivangongo tsy mbola nisy toy izany amin'izao fotoana ny fako eto Antananarivo Renivohitra. Kartie maro eto an-drenivohitra no mikaikaika tanteraka, noho ity fako mitobaka tsy misy farany ity. Tsy vitsy araka izany ireo manontany sy mampahatsiahy ilay antsoantso nataon'ny ben'ny tanàna Vazahabe Naina Andriantsitohaina fony izy hirotsaka ho fidiana tamin'ny 2019 ireny, nanambara fa raha izy no lany eo, dia ny fanadiovana ny tanàna sy ny fanamboaran-dàlana no ataony vaindohandraharaha, mba ho endriky ny renivohitra izay eo ambany fiahiany. Efa nanaratsiany an-dRamatoa Lalao Ravalomanana izany, fa hoe: maloto ny tanàna tsy azo diavina tamin'izany fotoana, ka izy hono no afaka sy efa manana fiara vy vaventy 11, afaka hitaona fako hanampiana izay fiaran'ny fivondronana efa miasa eo, hanome fahafahampo ny mpiara-monina.

Tsorina anefa, araka ny hita eny rehetra eny, fa misavovona, mitobaka tsy misy ohatr'izany ny fako amin'izao andro maromaro hanatanterahana ny lalaon'ny Nosy izao, ka tsy vitsy ireo mponina avy amin'ny fokontany maro, no miantso anay mampandre sy milaza hoe: ahoana ihany izy ity e? sa miandry amboara (trophée ) hafa kely eo indray. Ny eny Analamahitsy-tanàna ohatra, dia lasa nasiana tady na bande mena mihitsy manodidina ireo dabam-pako, izay efa miparitaka tanteraka, nefa làlana fihaonan'ny fiarakodia marobe, ka ny mpiasa mpamafa làlana sy ny RF2 hatrany no mahazo alalana amin'ny fanariam-pako, fa ny hafa dia sahirana hatrany, toy izany koa ny eny Ambanidia, Amboniloha, sy Ambohimanarina ary indrindra ny eny Masikara/Andravoahangy, izay fefika tanteraka sy efa mahamenatra mihitsy, ka ny alika sy mpitsindroka no toa mahazo aina. Mampalahelo sy mahonena.


Ny mpandroaka fakon'ny fokontany sy ny mpamafa làlana dia nilaza fa iny barika vy na dabam-pako iny, dia tsy antonony raha vao miverina in-3 eo isanandro izahay, nefa 3, 4andro tsy misy kamiao mandalo dia efa feno be, miparitaka etsy sy eroa, ka tokony ho jerena akaiky ihany. Raha tiana handroso ny tanàna hoy ny rehetra, dia mba jereo miaraka ny làlana sy fako ary ny rano fa mifandray avokoa izany rehetra izany.

***Beharo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 440**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0439)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Takolaka | - Orana – TV | - Tanjona | - Laoka |
| - Alina – Ar | - Nana – VII | - Ala – Ran(o) | - Ro – Va(lo) |
| - Nandoro | - Ana – Ha | - Kintana | - Kaonty |
| - Takona | | - Ondana | - Ar – Avia |

### TENY MIFANAPAKA N° 440




**Mitsivalana**

**1.** Mpanao, Iharana, Mpifanao **2.** Tsofoka – Omena ara-bola (miv) **3.** Nomena **4.** Tsirin-teny Mpanao – Malaza amin'ny fifidianana (miv) **5.** Tanàna any Avaratra – Mpanondro (miv) **6.** Fitaovana fanoratana **7.** Ao amin'ny vatana – Eny, Ekena **8.** Lalam-pirenena – Reraka – Fanafody famonoana biby **9.** Tsy tsaroany – Sakafo (miv) **10.** Ahatazanana

**Mitsangana**

**A.** Mpitondra fanjakana **B.** Akàna vao mitombo – Lena (BL) **D.** Ray Tsitoha **E.** Vahoaka ety an-tany **F.** Ao amin'ny Baiboly (miv) **G.** Tampisaka – Fototenin'ny faminaniana **H.** Omena torolalana – Solfa (miv) **I.** Tonia, tompon'andraikitra mivantana (miv) **J.** Niasa, Nanatanteraka – Namonjy any an-trano (miv) **K.** Lafin-toerana

### Valiny Teny mifanaraka 0439

**Mitsivalana**

**1**. Manahirana **2**. Adisanina **3**. Ny - Ajoro **4**. Anana - Inty **5**. Do - Tiany (miv) **6**. Irery - As **7**. Hafarana **8**. Az - Tokana **9**. Ditra - Toy (miv) **10**. Anay (miv) - Trosa

**Mitsangana**

**A** Manadihady **B**. Adino - Azia **D**. (Teni)ny - If - Tn **E**. Asandratra **F**. Haja - Eroa **G**. Ino - Kary (miv) **H**. Ririnina **I**. Anona - Anio **J**. Na - Tia - Soa (miv) **K**. Vitsy - Ta

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

FLM, Njaka

**Ny fotoam-pivavahana lehibe famaranana ny isan-kerin-taona faha-82 ny Toby lehibe Ankaramalaza omaly. Niatrika izany tany an-toerana ny Filoha Marc Ravalomanana sy Hery Rajaonarimampianina.**















